

## TORITENY - ALAHADY FAHA-2 MANDAVAN-TAONA D

### Alahady faha 17 Janoary

*Lamesa niarahana tamin'i Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson tao amin'ny FKMP (Paris)*

*sy faha-10 taona fikambanana ADIAAMADA (Arisdiosezy Avaratra sy Antsinanan'i Madagasikara)*

**R**y kristianina havana, fanombohan'ny taona tokoa izao ary ao anatin'ny mandavataona ny Eglizy izany hoe fotoana handalinana ny finoana raha vao avy nankalaza ny Noely Andriamanitra eto amintsika. Henontsika tamin'ny Evanjely teo fa eo anivontsika tokoa izy, tahaka ny tamin'ny Alahady lasa nankalazana ny batemin'ny Tompo manambara fa eo anivontsika tokoa izy. Nandray ny rofintsika rehetra izy ka tonga nanavotra atsika amin'izay rehetra mamato patotra atsika. Fotoana handalaninantsika finoana tokoa izao fa indrindra moa araka ny averimberina matetika hamakivavaky an'ity taona masina ity isika, taonan'ny famindrampon'Andriamanitra. Tsy iza ny famindrampon'Andriamanitra fa i Jesoa ary Andriamanitra eo anivontsika Emanoela no anarany. Araka ny nambarantsika koa teo ampiandohana, tokana ny zavatra katsahin'Andriamanitra ho antsika olombelona dia ny hasambarantsika, ny hahasoa hahatsara atsika ary izay no manaporofa fa eto anivontsika tokoa izy satria hetahetam-pontsika izay hasambarana izay ary tsy hahazo hasambarana isika raha tsy ao aminy ary tsy tony ny fantsika raha tsy mahazo ny fahasambarana. Izy no làlana, izy no manambara atsika ary ao aminy no hahafahantsika miaina an'izay hasambarana izay. Ka anjarantsika ary indrindra fa isika hamakivaky an'ity taona masin'ny famindrampon'Andriamanitra izao no mahay handray azy. Arakaraky ny fahaizantsika mandray azy eo anivon'ny fiainantsika no hanova an'izay fiaianantsika izay ary hitondra atsika any amin'ny fahasambarana ary izay ny antintraterin'ny bokin'Izaia mpaminany tamin'ny vakiteny voalohany (Iz 61, 1-5). Fa matetika isika olombelona no be siasia ka tsy mahita ny endrik'Andriamanitra.



Asa raha mitovy amiko ianareo fa manaitra ahy ny nahita ny "logo" taona masina satria hoatry ny sampona ilay olona anankiroa nefa raha mandinika dia manambara zavatra tena sarobidy tokoa : i Jesoa mibaby atsika, nandray ny rofintsika izy, izay ny famindrampon'Andriamanitra, nibaby atsika izy teo amin'ny hazofijaliana. Hitantsika fa avy any amin'ny mainty ny loko manga izay midika fa avy amin'ny haizin'ny fahotana isika dia mihamazava ka tonga amin'ny loko manga mahafinaritra, ho entin'i Jesoa isika hampidiriny amin'ny varavaran'ny lanitra (manga mazava). Jereo ny maso raha ny tokony ho izy efitra

satria olona anankiroa, nefa telo ihany no hita amin'ny sary, tsy hoe sampona fa misy dikany izany hoe : rehefa misokatra ny fontsika ho an'Andriamanitra dia miova ny fomba fijerintsika ka ny fijerin'Andriamanitra no hijerentsika an'izao rehetra izao. Izay ny vokatry ny famindrampon'Andriamanitra : ny mason'i Jesoa sy ny masontsika, miova ho maso tokana amin'ny mason'i Jesoa zay ny masompinoana mampiova ny fiainantsika, izay ny hasambarana. Matetika hafa manko ny fiheverantsika ny hasambarana nefa ny tena izy dia isika mahita ny tena fiainana ka mitondra fiadanana. Matoa mbola tsy mahita an'izay isika dia tsy mbola manaiky ny mason'i Kristy izay manova ny fianantsika. Io ny fahamarinana, ny mason'Andriamanitra zary masontsika, izy no mitarika antsika ka hahafahantsika miroso lalindalina kokoa.

Izay koa no azo amintinana ny Evanjely : "Lany divay izy ireo" izany hoe tsy misy intsony ny fiainana, tandindon'ny fiainana izany ny divay, matetika miseho eo amin'ny fiainantsika izay lany ny fiainana mahatonga atsika milaza hoe very fanahy mbola velona. Atoron'i Masina Maria amintsika ary izany lalana mankany amin'ny fiainana izany ka hoy indrindra izy : **"Ataovy izay rehetra lazainy aminareo" izay ny "la clé"** izay lazain'i Jesoa antsika izany no tena fiainana, raha mandray an'izay isika dia mahazo ny fiainana ka mahazo fahasambarana ka aza mitady la clé hafa intsony fa izay rehetra lazain'i Jesoa amintsika ihany.

**Inona moa ny lazain'i Jesoa amintsika ?**

**"FENOY NY SINY ENINA"**

**Ny siny enina io dia azo lazaina fa ny fandalinam-pinoana manontolo ka arakaraka ny famenoantsika ilay siny enina no hahasambatra atsika.** Apetrakin'ny Eglizy amin'izao fiandohan'ny taona izao io fampianarana io mba handalinantsika sy hiainantsika ny finoana : Mamenoa ary izany siny enina izany isika.

Lay rano tsy misy tsirony zary niova ho divay tsarabe ka ilay fiainana tsy misy tsirony manjary fianana misy tsirony ka fenoy ny siny enina.

**Siny voalohany fenoy FAHAFOIZANA**

Amin'izao taonan'ny famindrampo izao, raha samy miezaka isika mahafofy araka ny voalazan'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa (1 Kôr. 12, 4-11), mahafofy ny talenta nomen'Andriamanitra atsika hanasoavana ny hafa dia miova hasambarana ny fiainantsika. Feno tebiteby sy korontana ny fiaianantsika matetika satria hangonintsika rehetra izao rehetra izao noho ny fitiavan-tena mikiky atsika ka manakorontana na ny ao an-tokantrano, na an-toerankafa isankarazany, fa raha fenointsika FAHAFOIZANA ny fiainantsika, matokia fa ilay fiainana tsy misy tsirony dia manjary fiainana misy hasambarana.

### **Siny faharoa fenoy FAHASAHIANA**

Amin'izao androntsika izao ilaina ny fijoroana ho vavolombelona manambara ny finoantsika. Araka ny voalazan'i Papa Md Paoly faha-6 : izao vanim-potoanantsika izao tsy toriteny no ilain'olona fa vavolombelona. Ary matoa miaina ny toriteny dia vavolombelona izy, vavolombelon'ny fiainana. Ka raha tiantsika hihavao ny fiainantsika, izay koa ny fanirian'ny Papa amin'izao taona famindrampo izao dia fenoy FAHASAHIANA ny sinintsika. Raha ny fahasahiana ka mitobaka ety ivelany ny maha-vavolombelona atsika ary dia izay ho fantatr'olona fa feno fanantenana ny fiainana maha-kristianina atsika fa tsy hoe Kristianina malazolazo sanatria.

Tsy afaka hahafoy raha tsy feno fahasahiana fa izay hahasahy tokoa dia afaka hanova zavatra maro eo amin'ny fiainana fa raha tsy misy fahasahiana dia tsy hamokatra na oviana na oviana ny fiainana ary tsy hahita an'izay hasambarana izay.

### **Siny fahatelo fenoy FANETREN-TENA**

Amin'ny maha-Kristianina atsika na mahasahy aza tsy hoe miaramila hampandry tany isika ka hanao izay hanapotehana ny hafa, ka noho izany fenoy ny FANETREN-TENA ny siny raha tiantsika hiova ka hitondra atsika amin'izay hasambarana izay, ka Andriamanitra tokoa eo anivontsika. Araka ny fiteny any avaratra aminay agny : "aza mipoerapoera" fa raha mirehareha sao dia lavo anatin'ny fakam-panahy ka aoka amin'ny fiainana maha-Kristianina atsika na dia manana fahasahiana aza isika dia mba hahay hizara hahafoy anaty fanentren-tena ka ho lavitra ny fitiavan-tena amin'izay.

### **Siny faha-efatra fenoy FITIAVAM-BAVAKA**

Ilaina ary ataoko fa fototra tokoa amin'izao taonan'ny famindrampo izao dia ny fitiavam-bavaka. Aoka ho fenointsika FITIAVAM-BAVAKA ny fiaianantsika, ny fiainam-pianakaviansika, ary izay manaporofa fa eo anivon'ny fiaianantsika tokoa Andriamanitra. Matetika mahatonga ny olana eo amin'ny fianantsika andavanandro satria tsy ampy izay hoe VAVAKA izay. Fenointsika vavaka ny sinim-piaianantsika dia hitondra atsika amin'ny hasambarana.

### **Siny fahadimy fenoy FANOMPOANA**

Vokatry ny fitiavam-bavaka izay dia ny FANOMPOANA, io mahatonga ny hasambarana, io no mampiseho fa Kristianina tokoa isika. Tsy tonga mba ho tompoina i Jesoa fa hanompo ary ao anatin'ny fanompoana no hahitantsika ny tena hasambarana. I Jesoa nampianatra ny mpianany hifanasa tongotra fa isika hifanasa vangy, aiza ny tsy hikorontana ny fiainantsika? Raha tiantsika ho sambatra ny fianantsika dia ao anatin'ny fanompoana, raha mahay mifanompo fa tsy mifanompa isika dia ho sambatra isika. Arakaraky ny fahaizantsika

manompo an'ireo manodidina atsika ary dia vokatry ny fahafoizana, ny fahasahiana, ny fanetren-tena, ny fitiavam-bavaka izay no hahasambatra atsika.

### Siny faha-enina fenoy FIFANDRAISANA

Azo lazaina fa mamintina ny rehetra dia fenointsika amin'ny FIFANDRAISANA, fifandraisana amin'Andriamanitra, fifandraisana amin'ny mpiara-belona, amin'ny tontolo iainana ny sinintsika dia ataoko fa ho hasambarana no vokany.

Raha misy hafatra ho antsika mianakavy amin'izao fiandohan'ny taona izao sy hafatra ho an'ny ADIAAMADA izay feno folo taona, tsy tanjona izay fa dingam-piainana dia fenoy ny siny enina. Ary ho antsika mianakavy amin'izao taona izao vaovao izao : fenoy ny siny ary tanteraho ny tenin'i Masina Maria tamin'ny mpianany ary dia tenin'ilay Renintsika koa amin'izao : "Ataovy izay rehetra lazainy aminareo" tsy inona izay fa isika lazain'i JESOA MAMENO NY SINY ENINA, dia hahazo hasambarana sy fiadanana isika. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson

